# Ilay Voa Tsara Nafafy 14 Jona 2018

**14** **Alakamisy**
jona

***(Hoy Jesosy :)*** **Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina ; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.** Jaona 5. 24

**Ilay andro nanova ny zava-drehetra**

„Nanome ahy fanabeazana ara-pivavahana ny ray amandreniko, nefa nisaraka rehefa 10 taona aho. Namela ratra lalina tao am-poko izany, ary avy eo niteraka fikomiana. Niezaka aho handositra tao anaty zava-pisotro mahamamo, lanonana, filôzôfia… saingy mbola babangoana hatrany ny foko. Nampiharoharo zava-pisotro mahamamo sy zava-mahadomelina be loatra aho, ka tsy maintsy nentina tany amin'ny hôpitaly, satria tena narary mafy. Nikiry te ho velona aho, ka nivavaka tamin'Andriamanitra mba hitsimbina ahy Izy, ary nanome toky Azy fa hino Azy raha ataony izany. Saingy vetivety foana dia hadinoko io toky nomeko io.

Nanjary kristiana ny reniko, tamin'izany fotoana izany. Nekeny ho Mpamonjy azy i Jesosy Kristy, ary noresahiny tamiko ny momba io Mpamonjiny io. Nivavaka izy mba hiasa eo amin'ny fiainako Andriamanitra. Dia novalian'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga ny vavaka nataony.

Nisy ankohonana kristiana iray nanasa ahy hisakafo, ary ho takalon'ny sakafo, dia nanolo-tena aho hanampy azy ireo amin'ny famboarana ny trano fiangonany. Koa nankany aho, nihevitra hanao asa famboarana ; saingy tamin'io andro io dia reko tao ny vaovao mahafaly manambara an'i Jesosy Kristy, dia ilay Teny milaza ny fitiavan'Andriamanitra ahy. Izy irery no mahay manasitrana ny foko naratra sy manala ny fikomiana tao anatiko. Nampahatsahivin'Andriamanitra ahy ny teniko tao anaty fiara nitondra ahy ho any amin'ny hôpitaly hoe : „Raha velominao aho, dia hino Anao". Ary hoy Andriamanitra tamiko : „Izao no fotoana tokony hinoana, izao no andro famonjena !" Nangatahiko Jesosy Kristy mba hamela ny heloko rehetra, ary dia nirotsaka tao am-poko ny fiadanany mahatalanjona, fiadanana tsy hay tantaraina. Fihavanana amin'Andriamanitra izany ! Ary fihavanana amin'ny tenako ihany koa."